

Lahatenin-dRamatoa RAONIARIMANGA Minosoa, filohan'ny Fikambanana TETEZANA MADA nandritra ny lanonam-pitokanana ireo zava-bita teto amin'ny « AKANY MANAOVA SOA IADANANA » ny sabotsy 18 jona 2022 :

- *Andriamatoa Console Onorario d'Italia eto Antananarivo, sy Ramatoa vadiny,*
- *Andriamatoa Ben'ny Tanana eto amin'ny kaominina Alasora, sy Ramatoa vadiny*
- *Ianareo tompon'andraikitra mahefa nifandimby teo anivon'ny Masoivohin'i Madagasikara any Roma,*
- *Ramatoa Chef ZAP eto Alasora*
- Ianareo misolo tena ny Fokontany Ambodivondava
- Ianareo vahiny manan-kaja nasaina isan-tsokajiny avy,
- Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny voalohan-teny dia fisaorana an'Andriamanitra lehibe izay mahefa ny zavatra rehetra ary nahatanteraka izao fotoana androany izao, ka mahatafavory antsika eto amin'ity toerana ity hitokana araka izay maha-mety azy ireo zava-bita samihafa sy hametraka ihany koa ny tsangambato fahatsiarovana ny reny mpiahy izao fikambanana TETEZANA izao.

Voalohany resahina amin'izany tetikasa izany izao asa fanitarana rihana iray amin'ny trano misy ny foiben-toeran'ny fikambanana izao. Raha tsiahivina fohy dia efa an-taonany maro no nitsiry ny hetaheta hanorina izao trano izao mba ho toerana ahafahana mandray ireo mpianatra ho dokotera izay monina alavitra an'Antananarivo ary manohy ny fianarany eny amin'ny Oniversite Ankatso. Dokotera tokoa mantsy no reny mpiahy ny fikambanana, izay nanolotra izao tanàna izao hanatanterahana ireo asa soa samihafa, ary avy aminy no nitsiry voalohany ny hevitra, dia ny hanohanana sy hanampiana ireo mpianatra ho dokotera mba ho tafita soa amin'ny fianarana ataony.

Ny taona 2019 ary no nentin'ny fikambanana TETEZANA teo anatrehan'ny fikambanana iray italiana atao hoe MAIS ONLUS ity tetikasa ity. Nanomboka teo dia niara-nisalahy ny fikambana telo dia ny TETEZANA MADA, ny TETEZANA ONLUS ary ny MAIS ONLUS, teo ambany fiahian'ny masoivohon'i Madagasikara any Italia izay isaorana sahady etoana, satria misy vitsivitsy aminareo manatrika eto no efa nanana andraikitra teo anivon'izany masoivoho izany.

Ny MAIS ONLUS ary no nanolotra ny tetikasa tamin'ireo fandaharan'asa sy fikambanana italiana samihafa, ka :

- ny asa fanorenana ny trano dia novatsian'ny fandaharan'asa otto per mille an'ny « CHIESA VALDESE » na fiangonana protestanta any Italia sy ny fikambanana «Obiettivo Soliedarità Onlus».
- ny fampitaovana kosa dia ny MAIS ONLUS sy ireo mpikambana ao amin'ny "Ouvriers de la chambre des députés" Italiana no nandray an-tànana azy.

Ny trano moa dia ahitana efitra roa, lakoza iray ary trano fidiovana sy fivoahana, izay afaka andraisana mpianatra hatramin'ny 6 eo.

Antitranterina etoana ary ny fisaorana mitafotafo izany fikambana MAIS ONLUS izany, sy ireo mpiaramiombon'antoka aminy rehetra, satria na teo tokoa aza ny fikasana kanefa tsy nisy ny hoenti-manana dia tsy ho tonga tamin'izao tanjona izao isika.

Ho fanamarihana izany moa, ary ho fahatsiarovana ny filohan'izany Fikambanana MAIS ONLUS izany teo aloha, dia Itompokolahy Piero CARTA, izay nandao antsika amperin'asa ny taona 2020, dia nampitondraina ny anarany izao trano izao ka antsoina hoe « CASA DI PIERO ».

Isaorana eram-po eran-tsaina ihany koa ny tohana sy fiaraha-miasa tamin'ny lafiny maro avy amin'ny Kaominina Alasora tarihin'Andriamatoa Ben'ny Tanàna izay tena nijoro ary mbola mijoro ho ray aman-dreny nanamora ny fikarakarana ireo antotan-taratasy sy fahazoan-dàlana tamin'ireo dingana samihafa rehetra tsy maintsy nolalovana. Marina fa misy hatrany ny sarany izay tokony nefain'ny fikambanana nandritra ireo dingana ireo, nefa dia noraisin'ny Kaominina ho anjara-birikiny manontolo ireny koa sitraka enti-matory tokoa izany fihetsika maha-te hidera izany. Misaotra indrindra tompoko.

Isaorana ihany koa ny tompon'andraikitra rehetra eto amin'ny fokontany Ambodivondava satria dia niaraka akaiky vilany feno arina taminay teto foana izy ireo, ary miara-misalahy aminay hatrany rahateo amin'ireo tetikasa samihafa iarahana amin'ireo mponina eto amin'ny fokontany.

Tsy latsa-danja amin'izany ihany koa ny orinasa izay nanatanteraka ny asa fanitarana, izay efa niandraikitra ny asa fanorenana ny ambany rihana misy ny foiben'ny fikambanana rahateo, dia ny « ENTREPRISE ROJO ». Iaraha-mahalala fa tsy mora ny asa nataonareo teto, teo ny fihenam-bidy efa natolotrareo nefa tsy nionona tamin'izany ianareo fa nanao mihoatra lavitra noho ny nifanarahana mihitsy, koa dia misaotra indrindra Tompoko, honera be ny lany, ary ho soa hatrany anie ny fiaraha-miasa-ntsika.

Manaraka izany, tamin'iny taon-dasa 2021 iny dia nanana fahafahana ihany koa ny TETEZANA nanavaozana ny toerana etsy am-pita, izay raha tsiahivina dia garazy kely tany aloha tany ary teo no nanombohana ny tetikasa fampianarana sahanin'ny fikambanana. Ankehitriny dia navaozina tanteraka ny toerana, koa araraotina etoana ihany koa ny misaotra sy mankasitraka ny fianakaviana sy naman'Itompokolahy GUSTAVO MIRRA, izay nikarakara hetsika nahazoana ny loharanom-bola nanatanterahana ny asa. Raha tsiahivina fohy ny tantara dia ny faramparan'ny taona 2020 no nandao antsika noho ny valan'aretina Covid19 i Gustavo. « L'oncle GUS » no niantsoan'ny maro azy, ary anisan'ny nanamarika ny fiaraha-monina ny fitiavany manokana ny zaza malagasy. Ho fahatsiarovana azy dia nampitondraina ny anarany ihany koa izany toerana izany ka natao hoe « SALA GUS ». Koa dia antitranterina hatrany ny fisaorana ireo rehetra nandray anjara sy nifanolo-tànana tamin'izany hetsika izany, ary tononina manokana i Loredana sy Giuseppe ary ireo vady aman-janaka navelan'i Gustavo.

Mahakasika ny “SALA GUS” indray, rehefa tontosa soa aman-tsara ny asa fanavaozana, dia babangoana ihany ny toerana kanefa dia efa tena azo ampiasaina amin'ny tetikasa maro samihafa. Nandefa antso avo ary ny fikambanana TETEZANA ka akory ny hafaliana raha nandray ireo fampitaovana lafo vidy samihafa natolotry ny “Consulat honoraire d'Italie” eto Antananarivo dia ireo fanaka samihafa nahafahan'ny birao vaovao ho azo ampiasaina feno sy tanteraka.

Koa etoana dia tsy hay ny tsy hamerina sy hanamafy ny fisaorana azy ireo. Eny, tsy noho ny amin'izany ihany fa ny “Consulat honoraire d'Italie” eto Antananarivo dia efa an-taonany maro no nanome tànana sy nanohana ny TETEZANA amin'ny lafiny maro samihafa, raha tsy hitanisa afa tsy ny famatsian'izy ireo fitaovam-pianarana isaky ny fiandohan'ny taom-pianarana izay tsy tapaka mihitsy isa-taona. Tsy izany ihany anefa fa tena amin'ny lafiny marobe izy ireo no manampy ny TETEZANA, ary raha ny anio manokana dia tam-pitiavana no naneken'izy ireo hiahy izao lanonana izao, koa dia fisaorana mitafotafo no atolotra azy ireo. Mbola hisy moa ny lahateny amin'ny teny italiana rehefa avy eo fa dia amin'ny anaran'ny fianakaviamben'ny TETEZANA no isaorana anareo ny amin'izany rehetra izany. Mankasitraka indrindra tompoko.

Araraotina ihany koa izao fotoana izao ry havana isaorana ny orinasa italiana “METROPOLITANA DI ROMA” izay nanolotra solon-tsaina vitsivitsy ho ampiasaina eto amin'ny foiben'ny Tetezana

anatin'ireo tetikasa samihafa. Vaovao mahafaly tokoa izy ity, indrindra ho antsika eto amin'ny faritr'Alasora satria noho ireo fanomezana ireo dia afaka hatomboka tsy ho ela ny fampianarana mikirakira solon-tsaina na "cours informatique". Isaorana manokana zoky Roger sy zoky Suzelin sy ny ankohonan'izy ireo, niandraikitra ny fahazoana sy fahatongavan'ireo solontsaina ireo eto anivon'ny Tetezana. Isaorana ihany koa ireo "BENEVOLES" avy ao amin'ny Sekoly Ambony ESTI Antanimena izay nanolo-tena an-tsitrabo sy maimaim-poana hiandraikitra izany "cours informatique" izany. Anio moa no horaisina amin'ny fomba ofisialy ireo fitaovana informatika vao tonga ireo.

Eny, eo ihany koa ianareo havana, tapaka sy namana manampy sy manohana, na mivantana izany, na ankolaka, amin'ireo asa sy andraikitra sahanin'ny fikambanana. Tsy ho voatanisako tsirairay eto ianareo rehetra, fa marobe ianareo no manolo-tànana na ny eto an-toerana na ireo DIASPORA any Italia sy maneran-tany, koa dia ankasitrahana manokana ihany koa ianareo rehetra, ary tsaroana manokana ny fikambanana SENIORES ITALIA LAZIO.

Ny farany, nefa tsy ny kely indrindra, iantefan'ny fisaorana sy fankasitrahana eram-po eran-tsaina avy amin'ny fianakaviamben'ny Tetezana, dia ny tompon'izao tànana misy antsika izao. Eny tokoa ry Havana, tsaroana manokana eto anio I Dokotera RASOARIVONY Juliette, izay nandao antsika ny volana janoary lasa teo. Fony fahavelony dia reny mpiahy ny Tetezana I dokotera, ary modely sy filamatra hatrany teo amin'ny fanaovana asa soa. Inoana marimarina fa izany rahateo no namporisika azy nanolotra an'izao toerana izao ho ampiasain'ny fikambanana hanatanterahany ireo tetikasa fanasoavana ny mpiara-belona, izay tena nimasoany sy nimatimatesany hatrany indrindra fony izy tam-perin'asa tamin'ny naha dokotera azy.

Ny taona 2009 izy no nandao an'I Madagasikara, ary nanomboka teo dia anisan'ireo Diaspora Malagasy tany Italia tena nanampy be dia be ny TETEZANA hatrany I neny, fa izay moa no fiantsoka azy manokana.

Eto ary, amin'ny anarako manokana sy amin'ny anaran'ny fianakaviamben'ny TETEZANA ary izay rehetra manatrika etoana, dia mitodika manokana aminareo mianadahy zanany aho, RAKOTOMAVO Lova sy RAKOTOMAVO Andry. Na mafy tokoa aza ny fisarahana amin'ny maha-olombelona, na dia eo aza ny alahelo, dia afaka mifaly isika ankehitriny satria efa afaka tamin'ny fangirifiriany I neny, ary mipetraka ho mandrakizay ny fahatsiarovana azy amin'ny alalan'ny tsangam-bato izay apetraka amin'izao tanàna sy vohitra izao ka ampitondraina ny anarana hoe "MANAOVA SOA IADANANA" araka ny hafatr'I dokotera.

Eto am-pamaranana, dia mitodika aminareo aho rankizy, eo ihany koa anefa ianareo ray aman-dreny niteraka sy mitaiza : tsy mila teny betsaka intsony angamba ny amin'izay fampianarana sy fanentanana ary famporisihana antsika rehetra ny amin'ny hahatrarana hatrany ny tanjona dia ny hahatafitana soa amin'ny fianarana izay atao. Antenaiko fa tsy rano raraka an-tany avokoa ireny, ka tsy ianareo indray, sanatria, no hanamaivana sy hanao tsinotsinona izao ezaka rehetra vita izao. Maro no maniry hotohanana, tsy ho araka avokoa anefa izany, fa dia ianareo ireo aloha no afaka misitraka izany. Tsarovy anefa, fa misy fetrany ihany ny mety ho vitanay mpanao asa soa, ka raha tsy miezaka sy milofo fatratra ianareo, dia tsy izahay velively no ho faty antoka, fa omenay am-pitiavana be izay mety ho kely vitanay. Ianareo kosa rankizy, mikeleza aina dia ifikiro mafy ny fianarana fa io no lova tsara indrindra hiantoka ny ho avinareo.

Izay no ela, Tompokolahy sy Tompokovavy, ialana tsiny raha somary lava ihany, satria tena fararanon-danonana ny antsika anio. Manantitra ny fisaorana mitafotafo anareo rehetra tonga manotrana sy manome voninahitra izao fotoana izao ny fianakaviamben'ny Tetezana ary dia mirary soa indrindra ho antsika rehetra.

Mankasitraka Tompokolahy, mankatelina tompokovavy.